## Ny Valosoa sy hadihady

# Tomban'ezaky ny fitondrana Rajoelina : nitontongana izay tsy izy ny fiainan'ny Malagasy tamin'ny 2019

Toy ny fanaon'izay filohan'ny Repoblika rehetra nifandimby dia miarahaba ny vahoaka malagasy noho ny Asaramanitra ny filohan'ny Repoblika IV-2, Andry Rajoelina. Amin'ny ankapobeny dia nitanisa ireo «zava-bita» nandritra izay taona iray nipetrahany teo amin'ny familiana ny «Sambo Gasikara» izay izy. Tsy azo adinoina ihany koa anefa fa samy nanambara izay fahitàny ny toe-draharaham-pirenena ny tomponandraikitra ara-panahy sy ara-piarahamonina ary ara-politika vitsivitsy nialohan'izany. Azo lazaina fa tsy nisy na iray aza tamin'ireto farany nahatsapa fa nivoatra ho amin'ny tsaratsara kokoa ny fiainam-prenena eo amin'ny sehatra rehetra ary ny fiainan'ny vahoaka malagasy dia nitontongana izay tsy izy. Etsy an-kilany koa dia diso fanantenana ny maro izay sodokan'ny tetikasa mampanantena paradisa an-tany tamin'ny alàlan'ny fandefasana sarin-tanàna misy trano avo mijoalajoala sy ny fampirantiana asa-tànana firafitra tanàna (maquette) izay tena mahasarika tokoa. Nikabary ny filohan'ny Repoblika tamin'ny faran'ny taona dia nanambara fa betsaka ny zava-bita tao anatin'izay taona iray nitondrany izay, ary niaraniasa andro aman'alina izy sy ny mpiaramiasa aminy sy ny governemanta nikatsaka izay hampandrosoana ny firenena. Marina amin'ny ampahany ihany izany satria tafapetraka ny vato fototra tany amin'ny làlampirenena faha-13 (Toliara-Taolagnaro) sy faha-5 bis (Ambilobe-Vohémar). Nisy koa ny tany amin'ny làlampirenena faha-44 (Moramanga-Ambatondrazaka). Torak'izany koa ny vato fototry ny trano misy rihina efatra eny Ivato. Mahatsiaro ho voasakantsakana anefa izy tamin'ny fanatanterahana ny tetikasany, ny «Tanà-Masoandro», eny Ambohitrimanjaka, angamba, no tiany ho lazaina ka ny mpanohitra, hono, no tena manao izany. Tsara ny manamarika fa ny mponina eny mihitsy no tsy manaiky ny hivarotra ny tanindrazany izay tany fambolena sakafo ihany koa. Nampanantena izy fa ho taom-panatanterahana ny IEM ity taona vaovao ity ka izany, angamba, no nisian'ilay tetibola 200 miliara ariary tantanin'ny fiadidiana ny prezidansy. Raha ny marina dia misy minisitera miandraikitra avokoa ny tetikasa rehetra. Ohatra amin'izany ny fanaovan-dàlana dia ny minisiteran'ny asa vaventy no misahana azy. Raha trano no tiana haorina dia eo ny ny minisiteran'ny fanajariana ny tany. Izany koa, angamba, no mahatonga ny minisiteran'ny fampianarana ambony sy ny fikaroahana siantifika hanangana oniversite etsy sy eroa, tsy fantatra hoe vola avy aiza, satria ny vatsim-pianaran'ny mpianatra tsy voaloa ara-dalàna, ny tambin-karamam-pikarohanan'ny mpampianatra efa aman-taonany tsy noraharahiana. Ny fanorenana sekoly ambaratonga fototra dia eo ny minisiteran'ny fanabeazana izay tokony hisahana izany. Araka izany dia mampisalasala ihany ny fitantanana izany volabe ao amin'ny prezidansa izany satria raha hataon'ny ao amin'ny fiadidiana ny Repoblika avokoa ny asa rehetra, inona no hataon'ny hafa ary ahoana ny fiantsoana tolotrasa (appel d'offres) amin'izany. Ambonin'izany dia ireo saika efa tetikasa tamin'ny fitondrana teo aloha ireo salovanin'ny fitondrana ankehitriny ireo. Marina fa misy ny fitohizan'ny asam-panjakana saingy raha olona mijoro amin'ny fahamarinana dia tsy mahamenatra ny manambara fa ny tetikasan'ny teo aloha no tohizana. Mitady fiaraha-miasa amin'ny rehetra ny mpitondra amin'izao fotoana izao, kanefa tsy manaiky hiara-miasa amin'izay ben'ny tanàna tsy ao anatin'ny antokony. Raha ny fifandraisana amin'ny any ivelany indray dia tsy mitondra inona ho an'ny vahoaka Malagasy ny famaliana fanasana amin'ny fetim-pirenena any ivelany, toy ny tatsy amin'ny Nosy Maorisy, tany Senegaly, ka ara-pomba fifanajàna ihany ireny fa tsy midika inona loatra. Azo lazaina fa tsy hisy fampandrosoana vanona eto amin'ity Firenena ity raha tsy misy ny fampihavanam-pirenena marina ary manaiky izay fanitsiana takian'ny tsy eo amin'ny fitondrana mba ho arofanina. Sarotra ihany ny hino fa ho vitan'izao fitondrana izao ao anatin'ny dimy taona izay tsy vitan'ny mpitondra nifandimby tao anatin'ny enimpolo taona raha izao hafainganam-pandeha izao no hanombanana izany. Ny toky, hono, fitaka fa ny hatao no hita.

***Andry Tsiavalona***

**FANAOVAN-GAZETY**

# N° 1000 androany ny gazetinao Ny Valosoa Vaovao

Raha tsiahivina ny tantara dia nisy ny herisetra nihàtra tamin'ny asa fampahalalam-baovao tamin'ny fanonganam-panjakana ny taona 2009, izay notarihan'i Andry Rajoelina: nodorana sy norobaina ny Radiompirenena sy nyTelevizionampirenena ary ny Radio sy Televiziona Mbs, nogadraina ireo mpanao gazety sahy nijoro tamin'ny fahamarinana toy ireo tao amin'ny Radio Mada sy ny Radio Fahazavana ary norobaina ihany koa ny fitaovan'ireo onjampeo ireo, ka lasa hatramin'ny" moto "nampiasain'ny mpanao gazety. Nangina tsy nisy niteny ireo fikambananan'ny mpanao gazety marobe, singanina amin' izany ny "AJRP na Association des Journalistes des Radios Privées", kanefa dia mpanao gazety avy amin'ny radio tsy miankina no nogadraina, tsy nihetsika koa ny fikambanan'ny mpanao gazety vehivavy, kanefa dia nisy vehivavy nampidirin'ny fitondrana tetezamita am-ponja.

Noho ireo antony ireo dia nijoro ireo mpanao gazety izay tsorina avy hatrany fa mpanao gazety zanak'i Dada: mpomba ny Filoha Marc Ravalomanana sy manaja ny ara-dalàna, nikasa nanangana fikambanana hiaro ireo namana tany am-ponja, dia nifanaraka fa hanorina ny fikambanana "VALOSOA" izay halavaina amin'ny hoe Ny VAovao LOharanon'ny SOAtoavina", saingy nony nivoaka ny fonja ireo namana nogadraina tsy an-drariny dia nifanaraka ireo mpanao gazety vonon-kijoro ireo, fa gazety an-tsoratra no natao fa tsy niroso tamin' ilay fikambanana, ka ny anarana "VALOSOA" no notazonina ho anaran'ilay gazety, ka ireo namana tsy nigadra sy ireo tany am-ponja no niara-nanoratra , sady ireo voafonja koa tsy an'asa vao nivoaka an'Antanimora , ary ny Depiote Zafilahy Stanislas no nanampy teo amin'ny fiaingana.

Vao nanomboka kely ny gazety dia sendra fahasahiranana satria voasambotra ny Depiote Zafilahy dia niato kely aloha ny gazety, taorian'ny nivoahan' ny fonja vao niverina indray. Maro ny olana nosedraina toy ny fatiantoka teo ampanombohana, nisy ireo mpivarotra nandà tsy nandoa ny vidin-gazety, ankoatran'ny varotra tany ivelan'Antananarivo izay nisian'ny mpanararaotra, voalamin'ny mpitantana ihany anefa izany rehetra izany, nisy ihany koa tamin'izay fotoana izay ny fanampiana nataon'ny depiote teo aloha Guy Rivo Randrianarisoa. Ny olana nitranga dia tsy natao nahakivy satria ny antom-pisian'ny "VALOSOA" dia gazety nokendrena ivoizana hevitra fa tsy natao ho fitadiavan-karena , ary ny tena mampazoto ny mpitantana sy ireo mpanoratra hatramin'izao dia mitombo ny filan'ny mpamaky ahazo ny gazety, na eto Antananarivo sy ny manodidina, na manderana ny Nosy amin'ny alalan'ny gazety vita printy an-taratasy, ary amin'ny alalan'ny teknôlôjia vaovao ho an'ny ivelan'i Madagasikara. Isaky ny mivoaka ny gazety, dia misy ny akon'izany any ivelany rehetra any, toy ny any Amerika sy any Etazonia, ny any Eoropa, hatrany Azia any, sy ny maro hafa,...

Ankoatra izany, nisy ihany koa ny rahomainty nolalovan'ny "VALOSOA" dia ny fahafatesan'ireo namana mpiara-miasa toy ny Talen'ny Famoahana Zo Rasoanaivo, ny mpizara gazety mahafatrapo teto an-drenivohitra dia i Papa izany, ary ny mpitsinjara gazety tany Vatomandry faritra Atsinanana dia i Edwige.

Mazava ny lalankevitra nijoroan'ny "VALOSOA", na "NY VALOSOA VAOVAO" ankehitriny, fa miady sy mijoro hatrany manohitra ny fanonganam-panjakana, sy ny mpanongampanjakana, manohitra ny tsy fahamarinana ary ny fakana fahefana amin'ny alalan'ny hosoka.

Koa amin'ny laharana arivo manaraka eo, manome toky ny mpamaky sy ny vahoaka Malagasy rehetra izahay, fa mbola hijoro ary tsy handefitra mihitsy, fa vao mainka aza ho vonona hanentana ny mpiray firenena sy ho sahy hanome lanja hatrany ny fahamarinana, satria izany no soatoavina mifameno ary tsy afa-misaraka amin'ny fampahalalam-baovao.

***Ny Valosoa***

## NY TENY FIAINANA

***Efesiana 1:11***

*Ao aminy koa no nanaovana antsika ho lovany [no nandraisantsika ny lova.], rehefa notendrena rahateo isika araka ny fikasan'Izay mahefa ny zavatra rehetra araka ny ankasitrahan'ny fony,".*

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Olana eo amin'i Iran sy Etazonia, mety hampipoaka ny ady lehibe faha-3

**Fiderana Valimbavaka :** aza manonofy ary aza manantena hoe hisy izany ady lehibe fahatelo izany... hafa ny taloha tamin'ny 1918 sy 1939. Olona mpinamana daholo ireo misy tombontsoa itambarana. Ny amerikanina tsy adala akory, ka hanapotika an'i Iran amin'ny indray mipi-maso ary aza mihevitra hoe hisy baomba hiraradraraka hilatsaka ao Washington, na ao New York, na Californie, fa tsy hisy izany. Raha hamaly faty ny iraniana dia ny sambo mpitondra pétrole mandalo any aminy no ho darohany, fa tsy handatsaka missiles ao Pentagone akory izy, na ao Las Vegas, na ao Pennsylvanie. Mifankahazo tsara ny tadin-dokanga eo amin'i Trump sy Poutine, fa manao mody gisa ireo. Zanak'i Trump dia miaramiasa akaiky amin'ny olona tanan-kavanan'i Poutine. Kim Jong Un dia zavatra hafa no mampiasa loha azy, fa tsy handany harena hanampy an'Iran akory izy.

**Carmen Behevitra :** mety hampipoaka 3è guerre mondiale problème amin'i Etats-Unis sy i Iran io.

**Didax Rakvelo :** akaman'iz roalah reto nga enao no mahalal zany. sa mias ao am maison blanche, ka nitenenan'i Trump an'izany?

**Bubul Monza :** tena ahiana mihitsy ny ady lehibe faha-3 amin'izao a ! na tsy dia mifankahazo hevitra loatra aza ireo arabo, mety hifanampy izy ireo amin'ity hamely ny Amerikana!

**Jens Artana :** resak geo politika lay raha, rehefa manelingelina ny Amerikana dia darohany, toy izany Khadafi, Saddam Hussein, izao indray ity ry Khameini sy Rohani.

**Nirina Erica Harimanaly :** na hisy na tsy hisy ny ady lehibe, ty vavanao no loza, angaha ny tato amin'ny FB tato no nampiady azy ka toa dia aviavy ery izato ianao ry Fiderana Valimbavaka?

## TONONKALO

# Ny Gazety Valosoa

Faha-arivo ny laharana eny an-tananao androany
Ry mpamaky sy sakaizan`ny gazety valosoa.
Fifaliana lehibe ny fahatrarana an`izany,
Koa isaorana ianareo, isaorana tokoa tokoa.

Be dia be ny fitsapana teny an-dalana nizorana.
Tao ny rivotra mahery sy hafanana nahatorana.
Saingy ireny tsy nampihemotra ireo mpilanja ny fanilo,
Fa niroso i Helisoa , tsy nanan-tahotra Isambilo.

Dia nanampy ihany koa , vao mainka tsy nihafihafy
Na ry Zoky Tsiavalona na ny namana Radafy.
Ny hampisandratra ny marina , izay no tena nimasoany,
Ka na inom-pisedrana , tsy nivena ny finoany.

Dia nijoro ihany koa na tsy niseho niharihary
Ilay sakaiza iray "mpanontsana" , tsy iza fa Rajaonary.
Tsy nitsitsitsitsy teny fa nahitsy sy tsy niolaka,
Ka dia nisy tezitezitra noho ny "lakileny folaka" !

Be ny namana eto an-toerana sy mpanohana any ampita,
Ry Beharo sy Soh`son, Naina , Aly sy ry Lita.
Na toa miparitaka aza dia mitovy ny fijeriny,
Hany ka tsy mahagaga raha mafonjabe ny heriny !

Ry gazety valosoa sy ny mpamiliny mavitrika,
Mijoroa hatrany hatrany f`aoka tsy hisitritsitrika.
Eny , raiso indray ny penina , manorata f`aza miahotra,
`Ndeha borahy, lazao ny marina , ary aoka tsy hatahotra.

***SEDERA RAVALISON (06-01-2020)***